# Tena marina fa i Tompo Allah dia namela ny vahoakako, noho Izaho, amin'izay hadisoana tsy fananihana na hadino na koa ny amin'ireo zavatra nanerena azy ireo fa tsy antsitrapo

Niteny Ibn 'Abbaasy (R.A), fa ny Irakan'i Tompo Allah (S.A.W) dia nilaza ka nanao hoe : Tena marina fa i Tompo Allah dia namela ny vahoakako, noho Izaho, amin'izay hadisoana tsy fananihana na hadino na koa ny amin'ireo zavatra nanerena azy ireo fa tsy antsitrapo.

[قال النووي: حديث حسن] [رواه ابن ماجه والبيهقي وغيرهما]

Hoy ny Mpaminany nilaza fa : Namela ny heloky ny vahoakany i Tompo Allah amin'ny toe-javatra telo : Ny voalohany : Fahadisoana, izay tsy nahy, ka rehefa misy Mpino silamo mikasa amin'ny fanaovana zavatra, nefa ny zavatra nataony dia zavatra hafa noho izay nokasainy. Ny faharoa : ny fanadinoana, ka rehefa misy silamo mahatsiaro zavatra iray, nefa manadino izany rehefa teo am-panaovana azy. Tsy misy ota koa izany. Ny fahatelo : Fanerena. Mety noterena hanao zavatra tsy tiany ny mpanompo iray, na dia tsy mahatohitra ny fanerena aza. Amin'ity tranga ity dia tsy meloka amin'ny ota na fahasahiranana Izy. Marihina fa ny lohahevitry ny resaka eo amin’ny mpanompo sy ny Tompony dia ny fanaovana ireo zavatra voarara. Ny amin'ny fanadinoana ny zavatra voadidy dia tsy maninona. Raha toa ka mitarika heloka bevava anefa izany, dia tsy lany ny zon’ny zavaboary, toy ny hoe namono tsy nahy, ka tsy maintsy nandoa onitra, na nanimba fiara tsy nahy, dia tsy maintsy mandoa onitra.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4216